Traduction en malgache par Madame Frédeline Rahariniaina, Directrice du département de langue malagasy au Musée de Tadio.

Concours de lecture « Devoir de mémoire » : Hommage à Georges Letellier (1889-1973).
Lecture en malagasy/malgache et résumé en français
Concours d'écriture « Devoir de mémoire » : Hommage à Georges Letellier (1889-1973).
Dictée préparée en malagasy

Fanomezam-boninahitra an'i Georges Albert Edmond Letellier

Tiako indrindra eto, ny hanome voninahitra ny raibeko Georges Albert Edmond Letellier izay nandray anjara tamin'ny Ady Lehibe Voalohany erantany. Teraka tao Illois tamin'ny 25 Jolay 1889 izy ary maty tao Gournay any Bray ny 20 janoary 1973 teo amin'ny faha-84 taonany.

Voantso handray anjara tamin'ny ady izy ny 1 aogositra 1914 ary tsy tafaverina tamin'ny maha-sivily azy raha tsy ny faha-8 aogositra 1919. Tao amin'ny rezimanta roa izay nisy azy, dia ny miaramila mpandeha an-tongotra faha-4 sy faha-406, no nandraisany anjara tamin'ny fandresen'i la Marne. Ny taratasy mirakitra ny lala-nombany dia ahitana toerana tsaroana noho ny zavatra mampalahelo : Eparges, le Ravin de la mort, Caverne du dragon, Hurtebise ary Chemin des Dames.

Naratra indroa miantaona izy ary niraikitra tao amin'ny hazondamosiny mandra-pahafatiny ireo potika bala vaventy nahavoa azy. Niaiky ny fitondrantena tokony halain-tanaka nanany ny olona rehetra ary izy dia voatonona in'efatra tao anatin'ny fandaharam-potoana isanandro teo anelanelan'ny 1917 sy 1918. Voahosotra ho Adzidà izy ny faha-28 aogositra 1918.

Tao aorianan'ny ady dia Mpirakidraharaha tao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany no asany. Voasokajy ho anisan'ireo olona maha-te-hidera indrindra tao Gournay izy nefa tsy nanaiky hatao filoha noho ny taonany, ka izy no filoha lefitra rejionalin'ny UNC sady filoha lefitry ny andiany faha-980-n'ireo miaramila nahazo medaly tao amin'ny faritr'i Gournay.

Nanomezana ny « légion d'honneur » an'i G. Letellier, ny faha-25 may 1960

Nahazo fankatoavana manokana maromaro izy : ny medaly miaramila avo lenta, ny medaly manokana ho an'ny bekotro maro holatra. Voahosotra ho « chevalier du Mérite social » izy ary « chevalier de la légion d'honneur » tao aorian'izany.

Maty vady izy tamin'ny taona 1957 ka nanatona ireo zanany roa lahy sy ny zafikeliny telo mianadahy

Amin'izao fotoana dia maro ireo zavatra sy tahirinkevitra navelany no miranty ao amin'ny mozean'ny Ady Lehibe Roa « Mozea Joahanesa Rafiliposaona » ao Tadio Madagasikara.

Jean-Claude Letellier,

Le Houlme (Seine-Maritime)